



NOMEN'NY MPITONDRA FANJAKANA 'FANAVAOZANA' ALALANA HITRANDRAKA (permis d'exploitation) NY « TERRES RARES » AO AMPASINDAVA NY ORINASA HARENA RARE EARTHS

Maneho fanahiana lalina, izay fantatra fa iraisany amin'ny olompirenena malagasy maro, ny Collectif TANY, manoloana ny vaovao miparitaka tato ato mahakasika ny **nanomezan'ny tompon'andraikitra** mahefa ao amin'ny fitondram-panjakàna Fanavaozana **alàlana hitrandraka ny « terres rares » ao Ampasindava** (permis d'exploitation) taminy 8 oktobra 2026.

« Tanimanga ionique » na « ionic clay mine » no fomba hilazàn'ny mpizara vaovao azy sasany teto Madagasikara, fa rehefa ny solontenan'ny orinasa Harena Rare Earths sy ny tetikasa ao Ampasindava no voalaza fa nahavita dingana lehibe ka noraisin'ny Mpiandraiki-draharaha amerikana Tom Bevan niaraka tamin'Andriamatoa Carl Andriamparany, Minisitry ny Harena ankibon'ny tany, hanao fankalazàna, dia ilay « terres rares » ao Ampasindava io fa tsy misy antony hisalasalàna.

Milaza ny orinasa fa tsy maintsy mbola hiroso amin'ny famolavolana sy fampisehoana ny drafi-pitantanana, fandalinana ny fiantraikan'ny fitrandrahana amin'ny tontolo iainana (Etude d'Impact Environnemental) ary fakàna hevitra ny mponina (consultation publique) mba ahazoana ny **alàlana ara-tontolo iainana** (permis environnemental) fa tsy mbola hanomboka hitrandraka.

Tsy ny hatsaram-panahiny na ny fitiavany lehibe manokana ny mponina malagasy ao amin'ny faritra Ampasindava akory no anton'izany asa handany vola sy fotoana ny orinasa mpitrandraka izany fa voatery manaja ny lalàna malagasy ao amin'ny Didim-panjakàna MECIE izay mitaky ny ankamaroan'ireo izy. (décret MECIE : Mise en Compatibilité des Investissements avec l'Environnement)

Tsy hitsahatra ny Collectif TANY hanindry sy hanasongadina fa ny **lesoka makadiry sy mahatsiravina tavela ao anatin'io Décret MECIE nohavaozina tamin'ny taona 2025** io dia ny mbola **nametrahana indray ireo asa ireo ho AO AORIAN'NY NANOMEZANA NY ALALANA HITRANDRAKA vao tsy maintsy hatao**. Mampalahelo sy nidiran-doza isika Malagasy noho ny nafitsoky ny mpandray fanapaha-kevitra momba io didim-panjakàna – décret MECIE nohavaozina – io, ary indrindra ireo nanome toromarika azy nanohy namatotra antsika Malagasy toy izao, fa any amin'ny firenena maro, tsy mahazo ny alàlana hitrandraka (permis d'exploitation) ny orinasa raha tsy efa nahazo permis environnemental, izany hoe vita tany amin'ny dingana mialoha ny fanombanana mahakasika ny fiantraika ara-tontolo iainana sy fakàna ny hevitra ny mponina, ka nampiseho ny vokany fa tsy be olana ary nanaiky ny mponina, vao azo omena ny alàlana hitrandraka.

Nandefa filazan-kevitra tany amin'ny mpiandraikitra momba izany ny Collectif TANY tamin'ny fotoana nandraisan'ny ekipa namolavola ny fanavaozana ny didim-panjakàna MECIE ny hevitra ny firaisamonim-pirenena saingy ny hevitra hafa izay hita izao fa mamotika no voatazona.

Milaza koa ny orinasa fa mbola hanatanteraka dingana andrana (phase pilote) hanamarinana ireo masotsivana isa-karazany eo amin'ny lafiny teknika, ekonomika, ara-tontolo iainana ary ara-sosialy.

Fitsimbinana indrindra indrindra ny tombotsoan'ny orinasa sy ny mpampiasa vola miara-miombon'antoka aminy no lohaharana amin'ny antony hanaovana izany sy hiankinan'ny fanapaha-kevitra avy eo.

Mandritra io dingana andrana io, raha toa ka **mandoto ny rano ary mamotika ny tontolo iainana sy ny zavaboary sy zavamananaina ary mitera-doza ho an'ny tanimboly sy ny fiainan'ny olombelona aman'arivony amin'ny faritra Ampasindava sy ny manodidina**, araky ny zava-nisy tamin'ny fitrandrahana terres rares tany amin'ny firenena samihafa hatramin'izao, nefa te-hirosa ihany ny orinasa mpitrandraka, dia **tsy ho afaka hanakana ny fitrandrahana intsony ve ny mpitondra fanjakàna malagasy satria efa nanome alàlana hitrandraka ?**

Milaza ny orinasa fa nahita fomba vaovao hitrandrahana ny terres rares tsy mampiasa singa simika manimba. Raha marina izany, mbola vao ho andramany ilay izy fa tsy mbola azo antoka, ka na inona na inona voka-dratsy nefa te-hirosa ihany izy, dia ahiana **tsy ho afaka hanakana ny fitrandrahana intsony ny mpitondra fanjakàna malagasy satria efa nanome alàlana hitrandraka.**

Nilaza Andriamatoa Filohan'ny Repoblika Fanavaozana vao aingana fa hisy fanovàna hatao amin'ny fehezandalàna mahakasika ny Fitrandrahana Harena ankibon'ny Tany (Code Minier) mba hahatonga ny fisian'ny fanodinana ireo ankora eto an-toerana alohan'ny handefasana azy mivoaka. Asa ahoana no mety hampiharan'ireo mpanapa-kevitra izany amin'ity fifanarahana vaovao ity, mba hiarovana ny tombotsoan'ny vondrom-piaraha-monina ao amin'ny faritra Ampasindava ? Sa vao maika hamono tanteraka izay kely sisa mety ho tavela ao ?

Raha misy ny finiavana ara-politika momba izany, dia mbola azo atao koa ny manao fanavaozana vaovao hanatsaràna ny décret MECIE satria toa mbola an'arivony ny fangatahana hitrandraka miandry hahazo alàlana ao amin'ny Minisiteran'ny Fitrandrahana Harena ankibon'ny Tany.

Takian'ny Collectif TANY ny hamoahan'ny orinasa HARENA RARE EARTHS sy ireo mpiara-miombon'antoka aminy ary ireo manam-pahefana sy teknisianina malagasy mpiara-miasa akaiky aminy, ampahibemaso,

* ny antsimpirian'ny singa simika ho ampiasaina, ny handrana atao momba ny lixiviation kasaina ho ampiasaina amin'ilay dingana andrana, ny mety ho vokany amin'ny lafiny rehetra amin'ny tany sy ny rano ary ny rivotra sy zavaman'aina rehetra mba hanombanana sy hilazan'ny manam-pahaizana sy mpikaroka mahaleo-tena, malagasy sy avy amin'ny firenena hafa, hevitra ;

* Toy izany koa ny vokatry ny dingana andrana sy ny fanadihadiana momba ny fiantraikan'ny fitrandrahana eo amin'ny tontolo iainana sy ny lafiny sosialy, satria takian'ny décret MECIE koa ity farany ity ankehitriny ;

* ary ireo fepetra kasaina ho raisina hiarovana ny tontolo manodidina amin'ny lafiny rehetra.

Maro ny Malagasy manam-pahaizana afaka miara-miasa amin'ny manam-pahaizana avy amin'ny firenen-kafa afaka hanao tombana momba izany. Ny fanaovana izany dia hanome lanja ilay dingana handrana (phase pilote) izay efa tsy azo ialàna intsony **satria efa nomena ny alàlana hitrandraka.** Ka aoka isika Malagasy mba haka fepetra mialoha fa tsy hino hino foana sy hanaiky izay zavatra mety ho lazain'ny orinasa hoe « nety tsara » ao aoriana, nefa tsy manana porofo, tsy nampanao fanadihadiana.

Ny filazan'ny orinasa fa **hanome asa ny mponina ao Ampasindava** rehefa manomboka ny fitrandrahana dia sady mahatezitra no mampiomahy satria ireo mponina ao aza tsy fantatra firy no ho tafajanona ao raha sanatria miroso ny fitrandrahana.

Fehiny

Malaza eran-tany fa ny firenena mahantra toa antsika dia hatrika voka-dratsy maro noho ny fiovan'ny toetoetry ny fitrandrahana harena ankibon'ny tany sy angovo (transition énergétique) ary ny fifaninanana hisy ao amin'ny firenena matanjaka mandritry ny taona maro ho avy. Notsindrian'ny mpanoratra maro fa manome anjara-toerana lehibe an'i Madagasikara ao amin'ny fifaninanana eo amin'ny Amerikana sy ny Sinoa ity firosoan'ny fitrandrahana « terres rares » ity.

Vao maika ho raisintsika firaisamonim-pirenena ho antony vaovao hampitomboana sy hampivoarana ny fiarovana ny Zon'ny vondrom-piaraha-monina malagasy any ifotony izay iharan'izany fiovàna izany izao vanim-potoana vaovao izao, ka ho soratana eo amin'ny tantaram-pirenena ny tompon'andraikitra tsy nanao na inona na inona hanakanana ny loza sy hiarovana ny mponina manoloana ny ambana lehibe mifandraika amin'izany.

19 oktobra 2026

Fikambanana TANY miaro ny tany malagasy - Collectif pour la défense des terres malgaches – TANY

patrimoine.malagasy@gmail.com, <https://terresmalgaches>, Facebook : TANYterresmalgaches, X : @CollectifTany